# Ilay Voa Tsara Nafafy 12 Mey 2020

# 12 Talata mey

**Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy *(Andriamanitra)* ka mamela ny fahotantsika.** 1 Jaona 1. 9

**Fanasana**

*Mankanesa eo amin'Ilay mamela heloka,*
*Avia, ianareo izay very fanantenana ;*
*Ho an'ny ory no nanolorany ny tenany,*
*Te hamonjy ny olom-bery rehetra Izy.*
*Ny rany nalatsaka ho an'izao tontolo izao*
*No hany afaka mamafa sy manadio*
*Io fahotana tsy hain'ny ranomasina lalina*
*Sasana na saronana io.*

*Mankanesa eo amin'Ilay manarina,*
*Avia, ianareo izay latsaka ambany dia ambany ;*
*Raha heverinao ho nofinofy ny famonjena,*
*Dia aminao indrindra no anatsorany sandry.*
*Ilay vehivavy mpanota nitomany*
*Dia nomeny famelan-keloka avy amin'Andriamanitra,*
*Ilay jiolahy teo ambavahoana*
*Dia tsy niala maina raha nitalaho.*

*Mankanesa eo amin'Ilay mampionona,*
*Avia ! fa fantany ny fangirifirianao,*
*Hainy, amin'ny alalan'ny teniny masina,*
*Ny manalefaka na mamafa tomany.*
*Fantany ireo tebiteby rehetra manjo antsika,*
*Satria Izy efa nijaly voalohany.*
*Toy ny efa nahalatsa-dranomaso Azy,*
*Dia hainy koa ny mamafa ireny.*

*E. Henchoz*